



ANTENIMIERAMPIRENENA

FEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-003-2014/R Mikasika ny fanarenana ny toekarena

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Rehefa nahita ny olana ara-toekarena sy niainga avy tamin'ny zava-misy teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena toy ny krizy iraisam-pirenena tamin'ny 2007 dia tsapa fa nisy fiantraikany teo amin'ny fiainam-bahoaka sy toekarena eto Madagasikara izany.

Nanampy trotraka ny fisian'ny krizy nisy teto Madagasikara tamin'ny taona 2009 ka nahatonga ny fitotongan'ny toekarena malagasy.

Nihevitra ireo solombavambahoaka fa zava-dehibe ny fanarenam-pirenena ka tokony handraisana andraikitra haingana amin'ny fanaraha-maso ny asan'ny mpanatanteraka.

Izany no antonantony anolorana ity fehin-kevitra ity.



ANTENIMIERAMPIRENERA

FEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-003-2014/R Mikasika ny fanarenana ny toekarena

Ny Antenimierampirenena, izay :

- mampiasa fahefana hanara-maso ny asan'ny Governemanta ;
- mahita fa tokony halamina ny asan'ny brigady natsangan'ny Minisiteran'ny Varotra;
- mandray ho adidy ny mba anovàna ny lalàna momba ny varotra iraisam-pirenena ;
- mahatsapa fa mitotongana ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy noho ny fidinan'ny toekarena.

Rehefa avy niady hevitra tao amin'ny fivoriambe izay nataony tamin'ny 3 jolay 2014.

Dia manainga ny Governemanta handray ireto fepetra manaraka ireto :

- 1- Atomboka amin'ny angovo izany, lafo loatra izany ka aoka hampiasàna ny angovo azo havaozina. Tsy maintsy havaozina ihany koa ny lalàna mba hampiakatra ny tolotra mandrafitra ny politikan'angovo maty paika ;
- 2- Mikasika ny hetra, foanana ny kolikoly ary hamoraina sady tezaina ny mpandraharaha na dia izay faran'ny madinika aza mba handoa hetra. Esorina tanteraka ny haban-tseranana mikasika ny fitaovam-pambolena ;
- 3- Mikasika ny lalàna « voie de desserte » : harenina sy hampandrosoana haingana ny fanamboarana ny lalàna ;
- 4- Mikasika ny faritra afaka haba : ilaina ny faritra afaka haba ka apetraka ny aro fenitra mba tsy haka endrika fanandevozana ary tokony hasiana ihany koa ny PME sy ny PMI afaka haba mba ahafahana mampiroborobo ny toekarena.

5- Mpandraharaha miisa 375 no niharan'ny fandrohana tamin'ny taona 2009 manerana ny nosy : Antananarivo, Mahajanga,Toliary, Farafangana, Sambava ary Antalaha :

- Tsy maintsy ampidirina ao amin'ny « relance économique » ireo niharan'ny fandrohana tamin'ny 2009 satria sady ilaina amin'ny fampandrosoana ny firenena ny fiverenan'izy ireo eo amin'ny fandraharahana no afaka manome sy mamorona asa vaovao sy mampitombo ny kitapom-bolam-panjakana amin'ny lafiny fandoavan-ketra sy fandoavana fadi-tseranana ;
- - Ilaina ny faneken'ny fitondram-panjakana amin'ny fomba ofisialy ny fisian'ireo mpandraharaha niharan'ny fandrohana tamin'ny taona 2009 ary tokony havoaka ny « décret n° 2009/944 du 7 juillet 2009 » izay milaza ny andraikitry ny Fanjakana ny amin'ny handoavany ny volan'ireo mpandraharaha voaroba ary tokony tanterahina avy hatrany tsy misy hataka andro intsony izany fandoavana ny volan'izy ireo izany izay tsy hanaovana fanamarihana sy fanadihadiana intsony ary handoavana ihany koa ny fatiantok'izy ireo tao anatin'ny 5 taona noho ny tsy fanatanterahana io didim-panjakana (décret) io.
 - Atsangana avy hatrany koa ny GIE (Groupement d'Intérêt Economique) itambaran'ireo niharan'ny fandrohana sy hamehezana ary hitantanana ny fandoavana ny volan'izy ireo izay mifandray mivantana amin'ny « Primature ». (Le fonds et le GIE seront rattachés directement à la Primature); izany no natao mba ho sosokevitra ary aroso eo amin'ny filankevitry ny Governemanta ny hanatanterahana izany;
- Tokony havoaka ary tanterahina ho fanamafisana ny voalaza etsy ambony ny « Communiqué de presse » -n'ny fiadidiana ny Repoblika tamin'ny 17/03/2014 ; tany New York tao amin'ny Nations Unies no nilazan'ny Filoham-pirenena ny handoavana ny volan'ireo mpandraharaha niharan'ny fandrohana ireo ;
- Mila mandray andraikitra feno ary haingana amin'ny fanonerana tanteraka ny voina nihatra ny fitondram-panjakana mahefa amin'ny alalan'ny fanomezana alalana tsy handoavana fadin-tseranana sy fandoavan-ketra mandra-pahavoaloha tanteraka ny volan'ireo mpandraharaha ;ary tanterahina avy hatrany.
- Ajanona ny fanenjehana any amin'ny Fitsarana an'ireo mpandraharaha niharan'ny fandrohana tamin'ny taona 2009 mikasika ny hofan-trano, volan'ny banky ary ny famerenana ny volan'ny “fournisseurs” ;

- 6- Mikasika ny varotra : arovana ny seha-pamokarana eto an-toerana manoloana ny fitobahan'ny entana avy any ivelany. Izany famerana izany dia tokony hifanaraka amin'ny rija-tenin'ny OMC. Ampiana ireo mpivarotra mbola marefo amin'ny alalan'ny fanamboarana ny lalàna mikasika azy ireo;
- 7- Eo amin'ny sehatry ny indostria : tokony harenina ny "Société d'Etat" ary hampiana ireo orinasa niharam-boina ;
- 8- Mikasika ny fampiasam-bola (investissements) : entanina ny olona handoa hetra ary hamoraina ny fandoavana izany. Havaozina ny lalàna mikasika ny fampiasam-bola. Ampidinina ny zanabola amin'ny findramam-bola any amin'ny banky ;
- 9- Momba ny harena stratejika : fametrahana "comptoir" isaky ny lalam-pihariana na "filière" mba hahomby ny fitantanana stratejika. Ampiasaina koa ny harena stratejika mba hahazoana vola entina mamatsy ara-bola ny tetikasa fampandrosoana (microcredit) na hamatsiam-bola ny mpandraharaha tanora ;
- 10-CSPI : tokony hisy fanadihadiana ataon'ny parlemanta. Amboarina ny fampiasana ireo tombom-barotra azony mba hitsinjovana ny fampandrosoana (infrastructures, microcredit agricole) ;
- 11-Lalam-pihariana manana laharam-pahamehana ny asa tanana sy fizahan-tany ;
- 12-Mikasika ny fanondranana entana : hatsaraina ny fanaraha-maso ny kalitao amin'ireo vokatry fanondrana toy ny jirofo, lavanila, litchis ;
- 13-Politika sy ny toekarena : avahana tsara ny politika sy ny toekarena ;
- 14-Sehatra tsy miankina : fangatahana fanampiana iraisam-pirenena vonjy maika ho fanarenana haingana ny sehatra tsy miankina amin'ny alalan'ny fanaovana antso avo iraisam-pirenena ;
- 15-Fampiasam-bola eto Madagasikara : fanamorana sy fanafainganana araka izay azo atao ny fampiasam-bola eto Madagasikara eo amin'ny lafiny antontan-taratasy avy amin'ny Minisitery samihafa sy eo amin'ny lafiny ara-tontolo iainana ;
- 16- Tetikasa mbola mitarazoka : fijerena akaiky sy fandraisana an-tanana tsy misy hataka andro ireo tetikasa mbola mitazaroka eo anivon'ny

sampandraharaha misahana ny fandraharahana sy ny fampiasam-bola (EDBM). Omena fanampim-panazavana ary handraisana fanapahan-kevitra ny tomponandraikitra ao anatin'ny fotoana tsy mihoatra ny telo (3) volana ary mampandre avy hatrany ny vaomiera misahana izany ato amin'ny Antenimierampirenena raha sendra sakana eo amin'ny fanatanterahana izany ;

17-Fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina : avoaka ao anatin'ny fe-potoana fohy ny lalàna mifandraika amin'ny fiaraha-miasan'ny Fanjakana sy ny sehatra tsy miankina (loi sur le partenariat public-privé) ;

18-Angovo sy rano : tohizina ny fanalalahana ny fanafarana ny fitaovam-pamokarana mikasika ny angovo sy ny rano ary indrindra ny fandraharahana malalaka amin'io sehatra io mba hampiakarana ao anatin'ny fotoana fohy ny tolotra eo amin'ny lafiny araka angovo indrindra ny famokarana ny angovo azo havaozina (augmentation immédiate de l'offre énergétique, notamment renouvelable) ;

19-Atsangana ny komity isam-paritany na isam-paritra mandrindra sy manaramaso ny fampiasam-bola stratejika (comités provinciaux de coordination et de suivi des investissements stratégiques) ;

20-Tambajotra sy fotodrafitrasam-pirenena : fampitomboana sy fanatsarana ny tambajotra sy ny fotodrafitrasam-pitaterana (lalana, seranana, seranam-piaramanidina) ;

21-Tambajotra fifandraisan-davitra : hatsaraina araka izay azo atao ny tambajotram-pifandraisan-davitra (amélioration du réseau national des télécommunications) ;

22-Atsangana ny ivon-toeram-piofanana isam-paritra ahafahana manatsara ny tontolon'ny asa ;

23-Fanenjahana sy famaizana ireo minia manakana amin'ny fomba mivantana na ankolaka ny fampiasam-bola sy fampidiram-bola manara-dalàna (projet de loi sanctionnant toute veilleté de restriction ou de blocage direct ou

indirect des projets d'investissement conformes au texte en vigueur sur le territoire national) ;

24-Volavolaina sy apetraka ny tetika fanatsarana endrika ivelan'i Madagasikara (marketing pays) eo amin'ny sehatra fampiasam-bola na avy ivelany na avy ato anatiny ;

25-Arovana ny fampiasam-bola avy amin'ny sehatra tsy miankina. Jerena ireo nanangana orinasa teto Madagasikara mba hahafahany manokatra izany hanigana fa mamelona Malagasy maro izy ireny ;

26-Hatsaraina ny fotodrafitrasa, ny toeran'ny fanatontoloana ara-toekarena, ny fiaraha-miasan'ny tontolon'ny fikarohana sy ny famokarana ;

27-Apetraka ny komity iraisan' andrim-panjakana amin'ny fanaraha-maso sy ny fanatanterahana ireo rehetra voalaza eo ambony ;

28-Hanangana vaomiera mpanadihady eo anivon'ny parlemanta momba ireo olan'ny fanarenam-pirenena eto Madagasikara izay hiandraikitra ny famotopotorana sy ny fitondrana fanazavana ny toe-draharaha ara-toekarena ;

29-Atao ny lalàna momba ny varotra iraisam-pirenena ;

30-Mila vahaolana haingana ny vidin'angovo. Mila jerena haingana ny fampiharana ny fanalefahana ny hetra ;

Antananarivo, faha-3 jolay 2014

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,

NY SEKRETERA,

RAKOTOMAMONJY Jean Max